**FIANGONANA LOTERANA MALAGASY**
**SYNODAM-PARITANY EOROPA**
**TOBY POURU SAINT-RÉMY**
**Miray amin'ny**
**TOBILEHIBE ANKARAMALAZA**

Ary Ataovy ny trano dia hankasitrahako izany, sady hankalazaina aho, hoy Jehovah. Hagay 1.8b

Pouru Saint Rémy, faha 18 Oktobra 2017

Ry havana,

Hampitomboina ho anareo mandrakariva anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompontsika.

Fifaliana ho anay indray no manome ny vaovao mikasika ny fanorenana ny trano ho Toby. Araka ny mahazatra antsika dia sady alefa mailaka no alefa taratasy paositra mankany amin'ny mpitondra Fileovana tsirairay ireto vaovao ireto.

1. Nahatratra 199 500€ ny vola voahangona hatramin'ny fanombohana ny asa. Toy izao ny vola navoaka mahakasika izany asa izany:
   - 83 000€ nividianana ny tany hanorenana ny trano ho Toby
   - 9 000€ ho karaman'ny mpiara-miasa "Maître d'oeuvre", nanaovana ny "Pré-étude" sy "plan" ary "estimation" voalohany
   - 500€ tapany voalohany amin'ny fanamboarana ny site web (2000€ no sisa mila efaina)

Noho izany dia mahatratra 107 000€ izao ny vola voaray amin'ny kaontin'ny Toby: 74 500€ ao amin'ny compte Epargne ary 29 500€ ao amin'ny compte chèque. Ary 2 984€ ny voahangona ao amin'ny Credofunding.

Miandry 200 000€ an-tanana isika hanombohana ny asa fanamboarana satria 300 000€ no ilaina ho an'ny dingana voalohany, mikasika ny trano handraisana ny fotoam-bavaka isan-andro.

2. Iraika ambin'ny folo ny isan'ny "Tarika Nehemia" manerana ny Eoropa voatanisa ary nandefa 'virement'. 16 000 euros mahery no vola voaray avy amin'ireo tarika ireo. Mitondra fisaorana ho antsika rehetra izay nandray anjara. Tohizantsika ny ezaka satria manakaiky 235 ny mpiandry afaka mamorona tarika aty Eoropa. Araka ny voalaza teo aloha dia samy mandrotsaka ny anjarany ny mpikambana tsirairay anaty tarika, ary manoratra ny anaran'ny tarika misy azy. Manentana manokana an'ny mpiandry tsirairay mba hanorina tarika Nehemia.

3. Ao anatin'ny fanamafisana ny fanentanana dia mikasa ny Toby Pouru handefa solon-tena avy amin'ny komisiona fanorenana, hamangy ny fiangonana any Genève, any Bordeaux, any Montpellier ary any Orléans. Izany dia kasaina hatao amin'ny volana oktobra, novambra sy desambra izao. Efa nandefasana taratasy fangatahana alàlana ny mpitondra Fileovana tsirairay mikasika izany.

Tianay ny mampahatsiahy anareo Raiamandreny Mpitondra Fileovana mba hampita ny vaovaon'ny fanorenana ao amin'ny fitandremana sy ny fiangonana iandraiketanareo araka ny fanapahan-kevitry ny KMSP tamin'ny Sabotsy 23 Septambra lasa teo.

Manao veloma finaritra anareo amin'ny anaran'i Jesosy Tompontsika izahay sady mankasitraka hatrany ny fiaraha-miasa. Amin'ny anaran'ny Biraon'ny Komitin'ny Toby

| | |
|---|---|
| Ny Filoha | Ny Mpitantsoratra |
| Dr Randriambololona Jean | Ramanatsoa Germain |